VALANARETINA CORONAVIRUS

## Mitombo indray ireo olona mitondra ny tsimokaretina

Araka ny tarehi-marika nivoaka ny herinandro teo : ny 5 ka hatramin'ny 11 novambra 2022, mitombo indray ireo olona mitondra ny tsimokaretina corona eto amintsika. Tamin'ireo olona miisa 464 nanaovana fitiliana, 71 ny tranga vaovao. Ny olona miisa amin'ireo dia avy amin'ny faritra Analamanga. Tsy nisy kosa ny namoy ny ainy, marary 3 no maneho fahasarotana. Trangana covid-19 hita amin'ny faritra hafa: Atsinanana 4, Vakinankaratra 3, Itasy 1, Alaotra Mangoro 1, Boeny 1, Diana 1, Androy 1. Arak'izany, mbola misy eto amintsika ny valanaretina coronavirus, noho izany tokony hitandrina hatrany ny rehetra, ary hampihàtra ireo fepetra sakana hatrany.

**Niaina**



Cas du 05 au 11 Novembre 2022

| Nombre de tests : | 464 |
|---|---|
| TOTAL CAS | 71 |
| NOUVEAUX CAS | 71 |
| TRACING CONTACT | 00 |
| FORMES GRAVES | 03 |
| NOUVEAUX DECES | 00 |
| CAS ACTIFS: | 108 |

*Tarehi-marika faran'ny valanaretina coronavirus teto amintsika.*

Faha-30 taonan'ny SAMPATI

## Notokanan'ny foibe FJKM ny komity fankalazana

Notokanan'ny foibe Fjkm y faran'ny herinandro teo, ny ny komity fankalazana ny faha-30 taona ny Sampati: Sampana Mpanazava sy Tily eto Madagasikara, tao amin'ny fiangonana Fjkm Mahamasina Atsimo, no natao ny fanompoam-pivavahana nanatanterahana izany. Ankoatra izany, noho izay fankalazana ny faha-30 taonan'ny Sampati izay, misy ny fifaninanana sary sy hira faneva karakarain'ny komity, misokatra ho an'ny rehetra nanomboka ny 12 novambra lasa teo, ka tsy hifarana raha tsy ny 01 desambra 2022 amin'ny 12 ora atoandro. Ny sangan'asa na sary na hira faneva dia haterina ao amin'ny birao Sampati Immeuble Fanomezantsoa Analakely, rihana faha-5, varavarana 508. Teny filamatra amin'izany dia ny hoe:"mitsanàna, mihazavà… Fa ianareo dia zanaky ny mazava." Isa 60: 1a. I Tes 5: 5a. Ny hira faneva dia hira manentana sy marisidrisika maneho ny loha-hevitry ny faha-30 taona. Ny sary faneva dia sary natao tanana na fitaovana hafa fanaovana sary, maneho ny loha-hevitry ny faha-30 taona.



*Ny komity ny fankalazana ny faha-30 taona ny Sampati FJKM.*

**Aly**

Lalao Chan Algérie 2022

## Nitsidika tany an-toerana ireo firenena hiatrika an'izany

Nitsidika tany Algérie toerana hanatanterahana ny fifaninanana baolina kitra "Chan Algérie 2022" ny solontenan'ireo firenena hiatrika an'izany fifaninanana, hatao amin'ny ny 13 janoary ka hatramin'ny 4 febroary 2023 ho avy izao,tamin'ny talata 8 sy zoma 11 novambra 2022 teo. Notsidihan'izy ireo avokoa ny toerana rehetra handraisana ireo lalao mandritra an'io CHAN io, na ny izay ho trano fandraisam-bahiny izany, na ny toerana hanaovana fanazarantena sy ny toerana hiatrehana ny lalao. Ho an'i Madagasikara manokana, izay ao anatin'ny vondrona C, dia ao Constantine no toerana hivantanan'ny delegasiôna sy hanaovana an'ireo lalao ao amin'ity vondrona ity ka Atoa Razafimamonjy Jocelyn no nisolotena ny Malagasy tamin'izany fidinana ifotony izany niaraka tamin'ireo "Comité d'Organisation Local" (LOC) sy ny solotenan'ny CAF. Marihina fa hivoaka tsy ho ela ny "Préliste" ho an'i Barea Chan de Madagascar izay hifanandrina amin'i Maroc, Soudan ary Ghana ao amin'io vondrona C io.




*Fitsidihana tany Algérie.*

**Rainilita**

Jiu-Jitsu Brazilian - Open Africa 2022

## Nahazo medaly volamena niisa 13 ny mpikatroka Malagasy




*Mpikatroka Malagasy nandray medaly.*

Nahazo medaly volamena niisa 13 sy medaly volafotsy niisa 2 ary alimo 3 ny mpikatroka Malagasy niatrika ny fifaninanana Jiu-Jitsu Brazilian « Open Africa BJJ 2022 » notontosaina tatsy amin'ny Nosy Maorisy tamin'ny asabotsy 12 novambra 2022. Tsara ny vokatra hoan'i Madagasikara raha tarafina tamin'io vokatra azo io satria tamin'ireo Mpikatroka Malagasy niisa 14 nandray anjara izany dia medaly nahatratra 18 be izao no voan-dalana entina mody aty an-tanindrazana. Toy izao ny fitsanjarana'ireo medaly azon'ny Malagasy ireo : Jiu-Jitsu Brésilien : GI Or : 8, Argent : 1, Bronze : 3. Grappling NO GI Or : 5, Argent : 1.

**Rainilita**

Chef Toky Ramà

## 28 taona nikirakirana ny « Haify »


Chef Toky Ramà, anarana tsy zoviana ao anatin'ny habaky ny Haify. Vao teo amin'ny faha- 13 taonany izy dia efa nikirakira ny fandrahoana sakafo. Niompana betsaka tamin'ny sehatry ny fanaovana mofomamy sy ny tontolon'ny fahandroan-tsakafo ary ny fampianarana ny asa fikarohana sy fandalinana ataony mandraka ankehitriny.
Niofana nandritra ny 02 taona, teny anivon'ny INTH Ampefiloha, i Chef Toky Ramà. Izy no mpampiofana zandriny indrindra niantsehatra teo anivon'ny INTH, taorian'ny fahavitan'ny fiofanana narahany. Ny fitiavana ity taranja ity no nanosika azy hiroso amin'ny lalina nandalina ny haify. Sehatrasa azo ivelomana tsara ny Haify, hoy izy raha toa ka mifototra amin'izany ireo mpikirakira azy. Niasa tena hatrany ny lehilahy ary tombony ho azy ny fananana ilay traikefa sy haizatra matanjaka notovoziny tamin'ny alalan'ny fifampikasohana tamin'ireo efa zokiny mpisehatra amin'ny haify. Nohamafisiny hatrany fa ny faharetana, fihafiana ary indrindra ny tohana avy amin'ny fianakaviana. Ireo no tsiambaratelon'ny fahombiazany, ka nahatonga azy amin'izao toerana misy azy izao. Marihana fa izy no angady nananana sy vy nahitana ny "Havila school", izay Ivon-toerana lehibe mampiofana eo amin'ny sehatry ny "Haify". Vina sy ezaka imatesan'ny Chef Toky Ramà mandraka ankehitriny ny ampahafantatra ny haify Malagasy hatrany Dilambato. Hetahetany ihany koa ny mba hanampian'ny Fanjakana ireo mpisehatra eo amin'ny tontolon'ny haify, mba hahafahana mampivelatra azy ity. Sehatrasa afaka miara-dalana sy mifameno amin'ny fambolena sy ny fiompiana rahateo ny haify, koa inoana fa tsy ho antso an'efitra ny an'i Chef Toky Ramà.

**Lalasoa Razafindrakoto**



*Chef Toky Ramà, tsy mitsaha-mandalina ny Haify.*

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Tsiaro A.